# Arahaba avy aty NIKARAGOÀ!

Firenena iray ao Amerika Afovoany i Nikaragoà. Olona eo ho eo amin'ny 7 tapitrisa no mipetraka any!





## MANAPARITAKA NY FILAZANTSARA

Tamin'ny 1953 no nahatongavan'ireo misiônera voalohany tao Nikaragoà. Ankehitriny dia misy mpikamban'ny Fiangonana mihoatra ny 100000 any! Misy tempoly eo an-dalam-panorenana mihitsy aza.





## ANTSANTSAN'NY FARIHIN'I NIKARAGOÀ

Afaka mivelona an-dranomasina *sy* an-dranomamy ny requin-taureau. Midika izany fa afaka mivelona anaty ranomasimbe sy anaty renirano ary anaty farihy izy ireo. Milomano avy any amin'ny Ranomasimbe Atlantika izy ireo ary manaraka renirano lava be mba hitoerana ao amin'ny Farihin'i Nikaragoà.









## PALO DE MAYO


Manao fety lehibe antsoina hoe Palo de Mayo ny olona any Nikaragoà rehefa tonga ny vaninandron'ny orana. Ravahan'izy ireo amin'ny fehilamba maro loko ny hazo na tsato-by iray ka mandihy manodidina izany izy ireo ary mankalaza mandritra ny iray volana manontolo.




## MALAGASY

Teny espaniôla no fiteny ôfisialy. Miteny fitenin-drazana toy ny Miskito, Sumo ary Rama koa ny olona sasany.

SARY NATAON'I DAVE KLÜG



SAHANASA

## Chuwis

Kilalao filalaon'ny ankizy any Nikaragoà ny Chuwis. Mila haricots verts (na tsorakazo) sy lavaka eo amin'ny tany (na kaopy) ianao rehefa milalao azy. Omeo haricots verts dimy avy ny mpilalao tsirairay. Atsipin'ny mpilalao voalohany tsirairay ao anatin'ilay lavaka ireo haricots verts. Raha misy iray tsy tafiditra dia mijanona izy ka miditra ny mpilalao manaraka. Ny mpilalao mahatafiditra voalohany ireo haricots verts dimy ao anaty lavaka no mandresy!



FOMBA FAHANDROAN-TSAKAFO

## Gallopinto

Olona be dia be no mihinana isan'andro io nahandrona vary sy tsaramaso io any Nikaragoà. Indro misy fomba fahandroana izany azonao andramana!

1. Hafanao ny **menaka 2 sotro fihinanana** sy **antsaka tongolo mavo**. Haroharoy mandritry ny 5 minitra.
2. Hafangaroy ao ny **vary fotsy iray kapoaka sy tapany** ary haroharoy mandritry ny 2 hatramin'ny 3 minitra.
3. Ampio **sira** sy **rano 710 mililitatra**. Alao ny voan'ny **atsasaka sakaibe (poivron) maitso iray** ka ataovy eo amboniny.
4. Saròny ary andrahoy mandritra ny 15 minitra mandra-paha ridritra azy.
5. Esory tao ilay sakaibe efa masaka ary afangaroy ao ny **tsaramaso mena na mainty efa masaka 2 famarana** sy **tongolo gasy vovony antsaky ny sotrokely**. Andrahoy mandritry ny 10 minitra.

**Ataovy izay hahazoana fanampiana avy amina olon-dehibe iray!**